


TORITENY - ALAHADY TSOTRA FAHA 2 - TAONA B



SAMY NANTSOIN'ANDRIAMANITRA TSIRAIRAY ISIKA

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady tsotra faharoa mandavantaona fanombohan'ny taona izao no idirantsika tanteraka amin'ny fandalinam-pinoana araky ny teny faneva eto amin'ny diosezy hoe : "Mitoera ao amin'i Kristy satria izay itoeran'i Kristy dia mamokatra be. Raha mamokatra be ianareo dia ho lavorary ny hafalianareo sy ho feno fiadanana tanteraka ianareo".

Ny vakinety telo ampitainy Eglizy amintsika androany dia miresaka an'Andriamanitra miantso antsika tsirairay satria tiany isika ary ao anatin'izany hafaliana izany sady tiany hamokatra. Isika rahateo mangetaheta mba hanana ny fiadanana sy ny hasambarana ka **maniry isika** mba hamokatra ny fainantsika sy hamokatra be dia be tsy ho antsika ihany fa ho an'ny firenentsika, ho an'ny fianakavantsika, ho an'ny Eglizintsika.

Miantso antsika tokoa Andriamanitra, miantso antsika izy tahaka ny niantsoany an'i Samoela

izay nohenointsika tamin'ny vakinety voalohany. Tsy nazava tamin'i Samoela ny antson'Andriamanitra tamin'ny voalohany. Aza gaga isika araha misy zavatra mitranga eo amin'ny fainantsika ka tsy mazava, raha misy antson'Andriamanitra tsy mazava amintsika ka mila mpanelanelana isika. Na dia ny

mpanelanelana aza tsy **tonga dia** mahazava **aminy** izany antso izany koa tsindraindray, mila miezaka ary mitoky amin'ny asan'ny Fanahy Masina mpanazava mba ho afaka hanoro sy hampianatra. Izany ny asan'ny Eglizy, Reny izy ka sady mampianatra sy mikolokolo no

Vakinety I : 1 Sam. 3, 3b-10. 19

Tononkira : Sal. 36

Vakinety II : 1 Kôr. 6, 12e-15a. 17-20

Evanjely : Jo. 1, 35-42

manambara ny marina. Mety mafy ny **fandraisantsika** ny marina **hampafantara** ny antsika izay tsy maintsy harahina sy hampiharina amin'ny fianana fa ny tanjona dia ny hahafahantsika mahazo tsara ny lalan-kombana.

Eto dia Elia no mpanelanelana sy mpanoro lalan an'i Samoela rehefa niverina fanintelony naheno ny antso ka nanatona an'i Elia dia hoy Elia tamin'i Samoela, izao no ambarao raha mbola maheno ny feo miantso ianao : " Inty aho , mitenena fa mihaino ny mpanomponao" ka nazava tamin'i Samoela ny antso noho ny fanampian'i Elia.

Amin'izao fanombohan'ny taona izao fa indrindra isika tanora, aoka isika hahay hanatona an'Andriamanitra ka hihaino ny hafany mba ho taranaka mpanorina isika fa tsy hanapotika, tsy handrava.

Izany ihany koa no henontsika ao amin'ny Evanjely : mikatsaka ny misy an'i Jesoa ireo mpianatr'i Joany. Rehefa nandalo teo akaikin'i Joany i Jesoa, i Joany izay mpanelanelana dia izy no nanoro lalan ireo mpianany. Tsy nifikitra tamin'ireo mpianany i Joany fa notadiaviny sy niriny ny mba hahitan'ireo mpianatra ireo ny soa sy lalan-kombana ka natorony azy ireo i Jesoa Kristy zanak'ondrin'Andriamanitra. Rehefa nandre izany ireo mpianatra dia nanaraka an'i Jesoa.

Mirary aho mba hahita olona mpanoro lalan tahaka an'i Joany isika tanora, hahita olona marina mpanoro lalan. Aoka isika izay mpanoro lalan ireo tanora ho ao anaty fahamarinana dia ho feno fahendrena ka hanaraka antsika ireo tanora manodidina antsika. Sambatra isika eto Madagasikara fa manana modely dia i Lucien Botovasoa, namory ireo tanora izy sy nampianatra azy ireo ho tia vavaka, ho tia manompo, ho tia manasoa sy mitoetra ao amin'i Kristy ka manatanteraka izay sitrak'Andriamanitra.

Nanatona an'i Jesoa ireo mpianatra ireo, ka nanontany i Jesoa nanao hoe : iza no tadiavinareo ? Fantatr'i Jesoa ny zavatra tadiavintsika ka arahintsika izy dia ho sambatra ny fainantsika.

Manomboka ny taona, maro ny zavatra mifamahofaho amin'ny fainantsika, manontany isika tsirairay inona ny tadiavintsika ? Raha mitady an'i Jesoa isika dia hahita famokarana be satria izy nilaza fa izay mitoetra ao aminy dia hamokatra be, ka manatona azy raha te-hamokatra.

Satria namaly ny mpianatra i Jesoa nanao hoe "avia ka ho hitanareo".

Raha mamaly an'i Jesoa isika dia efa mahita azy ka hitoetra ao aminy ary hamokatra be.

I Simona Piera tamin'izay dia nitady hanatona azy ka nifanena taminy ary nolazain'ireo rahalahiny hoe efa hitanay ny Mesia.

Enga anie isika araky ny voalazan'i Papa Ray masina mba ho tahaka ny tanora mpivahinin'ny finoana ka izay mifanena amintsika dia mahita ny Mesia. Tahaka an'i simona nifanena tamin'ny rahalahiny. Enga anie isika tanora Kristianina mba ho famantarana ho an'ireo manodidina antsika, ka amin'izay i Jesoa hilaza amintsika tsirairay avy satria mifototra ao

aminy isika tahaka ny nilazany tamin'i Piera hoe : " ianao no Simona zanak'i Joany atao hoe Sefasy, ianao no Piera izany hoe vato" izay mijoro tsy azo hozongozonina.

Ho vato anie isika tsirairay ka hifikitra tsara amin'ny famonjena ka ho zary famonjena ho an'ireo manodididna antsika. Izany no antenaintsika amin'izao taona vaovao izao mba hivahatra tsara ny finoantsika ka ho zary famantaram-pamonjena satria olo araiky ao amin'i Kristy isika.

Aoka ho olom-baovao ao amin'i Kristy isika araky ny hafatry Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa mba tsy ho azon'ny rendrarendran'izao tontolo izao izany hoe tsy hampifangaro ny fiainantsika amin'ny fiainana maro samihafa fa ho tena rantsam-batan'i Kristy tokoa isika, ho iray aminy amin'izay ho lavitra antsika ireo fitondrantena ratsy , ho lavitra ny fijangajangana isika izany hoe fifangaroan-javatra eo amin'ny fiainantsika. Ny fijangajangana ara-nofo no farantampony fa misy ny ara-tsaina sy ara-panahy koa. Araky ny voalazan'i Md Paoly, ny fahotana hafa rehetra dia ataon'olona ivelan'ny tenany tokoa fa ny fijangajangana no ataony amin'ny tenany. Aoka ho tempolin'Andriamanitra isika, tahaka an'i Samoela, tahaka an'ireo Apôstôly ka hifikitra aminy, hitoetra aminy isika ka hamokatra eo amin'ny fiainantsika. Aoka hiombona aminy tanteraka isika.

Ry Jesoa Tompo, ianao miantsso anay ary miantsso anay tsirairay ka ampio izahay hahay hamaly anao ary hahay hampihatra sy hampiasa ny talentanay tsirairay avy ka hifanasoavanay, entinay hanaso ny hafa, hanehoanay ny fifankatiavana ka hiala amin'ny fiainana tsizarizary izahay fa ho tena taranaka mampijoro tokoa, ho taranaka hiala amin'ny fitondran-tena ratsy dia ho taranaka mpanorina tokoa izahay sy ho vonona mandrakariva hanatanteraka ny sitraponao amin'ny alalan'ny asa ampanao vinao anay mba ho fiderana anao sy fanomezam-boninahitra ny anaranao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson